Amin'ny anaran'Andriamanitra, Ilay be Fiantrana, Ilay be Indrafo.

# Ashoura

## ILAY TRANGA NISEHO TAMIN'NY ANDRON'NY



ASHOURA.indd 1 24/09/2020 08:56:44

# L'ÉVÈNEMENT D'ASHOURA

Auteur : Mohammad Saeed Bahmanpour
Illustré par Parviz Eghbali
Traduit par Jivan Mountazir

Première édition . Février 2008
éd. Nedabook
info@nedabook.ir

سرشناسه: بهمن‌پور، محمدسعید، ۱۳۳۵ –
Bahmanpour, Mohammad Saeed
[داستان عاشورا، فرانسوی]
عنوان و نام پدیدآور: L'ÉVÈNEMENT D'ASHOURA / محمدسعید بهمن‌پور.
مشخصات نشر: تهران: دانش‌آموز، ۱۳۸۶
مشخصات ظاهری: ۶۴ ص.:مصور
شابك: ۸-۵۰-۶۳۱۶-۹۶۴-۹۷۸
وضعیت فهرستنویسی: فیپا فرانسوی.
۱ واقعه کربلا،۶۱ ق.-- داستانهای نوجوانان، ۲. عاشورا--داستانهای نوجوانان،
۳. حسین‌بن‌علی(ع) امام سوم-- ۴-۶۱ ق.--داستانهای نوجوانان.
۴. داستانهای فرانسوی -- قرن ۲۱م.
الف.اقبالی،پرویز، ۱۳۴۰ – Eghbali, Parviz، تصویرگر.
ب. عنوان: L'ÉVÈNEMENT D'ASHOURA ج. داستان عاشورا، فرانسوی
BP ۴۱/۵/الف۹ب/۵۰۴۹۵۷ ۱۳۸۶ ۲۹۷/۹۵۳۴ [ج]

**Nadika sy navaozin'ny :**


C.R.A
**Centre rassouloul akram (saw)**







ASHOURA.indd 3 24/09/2020 08:57:07




# Fiadanana anie ho anao, ô ry Aba Abdillah !

**TENY FAMPIDIRANA :**

Tena zava-doza sy mampalahelo tokoa no nitranga tamin'ny andron'i ASHOURA, raha teo amin'ny sehatry ny tantara no asiana jeri-todika, izany anefa dia lasa loharano fototra hoan'ireo olona izay manana finiavana tsara sy saina mivelatra. Imamo HOUSSEIN (as) dia niaritra ampahatsorana ny ranitrin'ireo sabatra sy ireo zanatsipika, niaritra ihany koa ny fahafatesan'ireo mpiaradia aminy ary indrindra ireo fianakaviany. Nangirifiry taminy ny nanekeny ny hahakamboty an'ireo zanany, sy ny fanababoana an'ireo vadiny, nekeny izany rehetra izany satria izany no ilainy, araka ny voalazan'ilay irakin'ny Tompo Allah manao hoe : **"izy dia jiro fanilo sy sambo fanavotana"**, ka izany indrindra no nahatonga ny andron'ny ASHOURA tsy nitovy tamin'ireo andro sasany izay mahazatra, fa lasa andro iray izay tena manatantara tokoa teo amin'ny fiainan'ny zanak'olombelona, tantara iray miavaka ! Ny ASHOURA dia tsy vokatry ny kisendrasendra akory, fa nifototra tamin'ny faharesen-dahatra manokana, ary izy io dia loharano fototra hoan'izay rehetra mangetaheta fahamarinana sy izay mila miezaka hijoro hanatanteraka ny adidy aman'andraikiny. Ity boky ity dia mirakitra ny zavatra rehetra izay nandalo tao Karbala, izay notsongaina avy tamin'ireo tahirin-tsoratra voatonta mahakasika izany sy loharano itokisana, ary izy ity dia natao mba ho entina mamelona indray eo amin'ny sain'ireo zaza sy ireo tanora ny zavatra izay nandalo tao Karbala.

Irina fatratra anefa ny mba hahafahantsika maka lesona mahakasika ny finoana sy ny faharesan-dahatra ary indrindra ny fanaovana sorona ny tena sy ny herim-po tokony ananana, eo ampamakiana an'ity boky ity.



ASHOURA.indd 4 24/09/2020 08:57:13











ASHOURA.indd 5 24/09/2020 08:57:26


Taorian'ny fahafatesan'i Mou'awiyah tamin'ny misasaky ny volana Rajab tao Sham, Yazid dia nanoratra taratasy nankany amin'i Walid ibni Utbah governoran'ny tanànan'i Madinat. Izany taratasy izany dia manome baiko an'ilay governora mba haka fanekem-pankatoavana amin'Imamo Houssein (as) mba ho mariky ny fankatoavany an'ilay fitondrana izay hajorony.
Sorato : « raha ohatra Imamo Houssein tsy manao fanekem-pankatoavana ahy sy tsy manaiky ny maha-governora ahy, dia aoka ho tapahinao faran'izay haingana ny lohany ka alefaso aty amiko ».
Ity misy taratasy avy tamin'ilay lehiben'ireo mpino Yazid ibni Mou'awiyah.
Ilay irak'i Yazid nankany amin'ilay governoran'i Madinat, Walid ibni Utbah.
Maty i Mou'awiyah.
Fa misy inona ry ibni Utbah ?
Tamin'ilay irak'i Walid nankany amin'Imamo Houssein (as), Imamo dia teo ampanaovana soalat tao amin'ilay Masjidin'i Nabi (sw).
O ry ilay zafin'ny Mpaminany !, i walid ibni Utbah dia mampiantso anao.
Inona no mba zavatra hitadiavan'ilay governoran'i Madinat an'Imamo Houssein (as) amin'ity andro alina be ity ?







ASHOURA.indd 7 24/09/2020 08:58:00







ASHOURA.indd 8 24/09/2020 08:58:16







ASHOURA.indd 9 24/09/2020 08:58:33


Tahaka izany no zava-nisy, nahatonga an'Imamo Houssein (as) tsy nanao fanekem-pankatoavana an'i Yazid.
Andao isika handeha, ary aoka isika hatoky an'i Tompo Allah amin'izay rehetra hataony.
Tao an-dapa, nanome tsiny an'i Walid i Marwan tamin'ny famelany an'Imamo handeha.
Ianao dia tsy niheno ny teniko. Amin'ny Tompo Allah no inianako !, fa ianao tsy hahita azy intsony.
Loza ho anao ! moa ve ianao miezaka mampanalavitra ahy amin'ilay finoako ?, sazy tahaka ny ahoana no mahazo ahy amin'ny andro farany rehefa mijoro manoloana an'ny Tompo Andriamanitra aho, miaraka amin'ny tanana izay mihoso-dràn'i Houssein ?


Rehefa maraina ny andro, dia nijanona tao Madinat ihany Imamo Houssein(as). Tamin'ny tolak'andro,i Walid dia nandefa olona mba hiantso an'Imamo Houssein (as), nefa ny Imamo dia nangataka taminy mba hiandry alina iray hafa koa. Ary nandritra io alina io, dia nivoaka an'i Madinat antsokosoko izy ka nitodi-doha nankany Makkat.



Nandeha teny amin'ilay fasan'ny Mpaminany (sw) ny Imamo mba hanao veloma farany azy, alohan'ny handaozany an'i Madinat.








ASHOURA.indd 12 24/09/2020 08:59:16






ASHOURA.indd 13 24/09/2020 08:59:30


Etsy ankilan'izany, ireo vahoakan'i Koufat kosa dia faly sy ravo teo ampahenoana ny vaovaon'ny fahafatesan'i Mou'awiyah.
ياتفتح الأبواب
Nisy ampahany tamin'ireo Shia tao Koufat nivory tao an-tranon'i Soulaiman ibni Surad.
Henoinareo !, araka ny efa fantatsika, i Mou'awiyah dia nindaosin'ny fahafatesana, ary Imamo Houssein (as) tsy manaiky ny hanao fanekem-pankatoavana an'ilay zanany dia tsy iza izany fa i Yazid. Ka noho ianareo anisan'ny mpanaradia an'i Houssein (as) sy ny rainy imamo Ali (as), aoka ianareo handefa taratasy any aminy izay manambara ny fahavononanareo hiady ho azy. Nefa tandremonareo, raha ohatra ianareo matahotra an'i Yazid, ary tsy ho afaka hanavotra an'i Houssein (as) aoka ianareo tsy hamitaka azy amin'ny alalan'ny teny tsara lahatra izay tsy misy fotony.
Hataontsika izay rehetra handidiany sy hangatahiny amintsika, na dia hihatra amin'ny fanaovana sorona ny tenantsika sy ny harenantsika aza izany.
Izao dia izao isika hanoratra taratasy mankany aminy, isika dia tsy mahafantatra mpitarika hafa ankoatra an'Imamo Houssein (as).
Aoka isika tsy hanaiky velively ny ho entin'Yazid.
Tsy misy androny ! isika tsy maintsy miady ho an'Imamo Houssein (as) mandram-pahafatintsika.


Ka dia nizara vondrona madinidinika ireo vahoakan'i Koufat teo ampanoratana ireo taratasy izay halefa any amin'Imamo Houssein (as). Nahavoaray taratasy miisa 150 Imamo tamin'izay fotoana izay, izany rehetra izany dia nanasa azy mba ho tonga any Koufat sy miangavy azy mba ho mpitarika sy ho filohan'izy ireo.
Avy amin'i Shabath ibni Rab'i, i Hajjar ibni Abjar, i Urwah ibni Qays, sns. Hoan'i Houssein ibni Ali (as). « eny tokoa, efa lasa maintso avokoa ireo tanim-bolin'i Koufat, ary efa masaka avokoa ireo voankazo. Ka noho izany, miangavy anao mba ho tonga hamonjy faran'izay haingana ireto andian-tafika maro be ireto, izay efa eo ampiomana sy vonona ny hanampy anao. Fiadanana anie ho anao ! ».
Amin'ny anaran'i Allah, ilay be fiantrana sy be indra-fo. Ity taratasy ity dia nosoratana ho an'i Houssein ibni Ali (as) manokana, avy amin'ireo mpomba azy aty Koufat. " miandry ny fahatongavanao izahay rehetra, ary tsy mahalala mpitarika sy mpitondra hafa ankoatra anao. Ka noho izany, mitongava faran'izay haingana ianao !, fiadanana anie ho anao !".






ASHOURA.indd 16 24/09/2020 09:00:16






ASHOURA.indd 17 24/09/2020 09:00:30


Mitandrema ianao tompoko. Aoka isika tsy hanao zavatra hisarika ny olona hahalala ny zavatra tiantsika hatao.
Niditra antsokosoko tao Koufat niaraka tamin'ny andian-jiolahiny vitsivitsy i Oubaydoullah ibni Zyad. Tonga dia nizotra nankany amin'ny lapa izy no sady naka avy hatrany ny fahefana.
Taorian'ny fikarohana ela be, izay izy vao nahita an'i Mouslim ibni Aqil izay niafina tao antranon'i Hani ibni Urwah. Hani dia anti-dahy feno fahendrena sy mpino, fa na dia izany aza, nosamborina sy nodarohana izy.
Nanoloana izany toe-javatra izany, niomana i Mouslim ho an'ilay ady izay hifandonany amin'i Oubaydollah.
Lazaonareo izay rehetra nanao fanekem-pankatoavana an'Imamo Houssein (as) mba hiomana amin'ity ady ity.









ASHOURA.indd 19 24/09/2020 09:01:08



Tena nihorohoro tokoa i ibni Zyad nanoloany ny fahareseny, ka dia niafina tao an-dapany izy no sady nanome baiko ny amin'ny hanidiana ireo varavarana rehetra makao an-dapa.
Hidionareo ny varavarana rehetra ary aoka hasianareo mpiambina avokoa.
Niezaka nieritreritra ny tetika izay ho entiny miatrika ny raharaha i ibni Zyad.
Izaho mino sy matoky fa tsy maintsy misy vahaolana any ho any.
Aiza daholo ireo andrianan'i Koufat ?
Ato ry zareo tompoko.
Ianareo no loholon'i Koufat. Ka noho izany, mandehana ampihorohoroy izy ireo tamin'ny fanohan'izy ireo an'i Mouslim. Lazao azy ireo fa raha manohana antsika izy ireo dia hahazo valisoa, ary raha miezaka ny hanohitra antsika kosa dia lazao azy ireo fa sazy mahery vaika no miandry azy ireo.

Ka toy izany no nahatonga ireo loholon'i Koufat izay ny ankamaroany dia anisan'ireo nandefa taratasy fanasana ho an'imamo, niparitaka teny anivon'ireo mponina ary nanomboka nandresy lahatra azy ireo ny amin'ny mba hamelan'izy ireo an'i Mouslim.






ASHOURA.indd 21 24/09/2020 09:01:49










ASHOURA.indd 22 24/09/2020 09:02:07







ASHOURA.indd 23 24/09/2020 09:02:20


Ny mahakasika an'i Ibni Zyad kosa, nametraka fanomezana ho an'izay mahita an'i Mouslim izy. Ka ny zanak'i Taw'ah izay tovolahy tena ratsy saina no sady tendan-kanina no nanambara ny toerana izay niafenan'i Mouslim amin'izay izy no mahazo an'ilay fanomezana.
Nanafika ny tranon'i Taw'ah ireo miaramilan'i ibni Zyad ka dia voasambotra niaraka tamin'izay i Mouslim. nanomboka nanohitra an'ireo miaramila izy, ary noho ireo miaramila tsy naharesy azy dia navelan'izy ireo izy.
Manolora-tena ianao ry Mouslim. iantohanay ny fiarovana anao raha manao izany ianao.
Moa ve tena marina fa hiaro ahy ianareo ?
Manolora-tena ianao amin'izay tsy misy olona hafa manao n'inona n'inona aminao intsony.
Eny tokoa, ho voaaro ny ainao ry Mouslim. Ka aoka ianao hampirina ny sabatrao.
Izaho tsy mitomany noho ny tenako akory. Fa izaho kosa mitomany ho an'i Houssein (as) sy ireo fianakaviany izay an-dalana mizotra mankaty aminareo olona izay tsy valahara.
Mouslim izay efa tsy nanana hery intsony ho entiny miady, nino ny zavatra nolazain'izy ireo ka dia nanolo-tena tamin'izy ireo. Nefa ireo miaramila kosa tonga dia nifandrombaka naka an'ilay sabatrany, izay mitory fa izy ireo dia efa tsy hitazona ny teny nomen'izy ireo azy. Latsa-dranomaso i Mouslim teo ampahitana izany fihetsika nataon'izy ireo izany.
Fa maninona ianao no mitomany ?, ny olona izay mila maka ny fahefana dia tokony ho vonona hiatrika ny zavatra tahaka izao anio izao.






ASHOURA.indd 25 24/09/2020 09:02:51
















ASHOURA.indd 26 24/09/2020 09:03:07








ASHOURA.indd 27 24/09/2020 09:03:21






ASHOURA.indd 28
24/09/2020 09:03:35


Ka noho izany dia maro ireo olona namela an'Imamo, ary ny Imamo kosa nanohy ny lalany niaraka tamin'ireo andian'olona tavela.
Teo ampahatongavana tamin'ny toerana iray izay antsoina hoe Sharaf, nanome baiko ireo mpiaradia aminy ny Imamo mba hameno rano ireo fitaovana fitondran-dranon'izy ireo.






ASHOURA.indd 30 24/09/2020 09:04:02









ASHOURA.indd 31 24/09/2020 09:04:13







ASHOURA.indd 32 24/09/2020 09:04:26







ASHOURA.indd 33 24/09/2020 09:04:35



Jereo ry Hour !, iny misy mpitaingin-tsoavaly iray avy any Koufat.
Ity misy taratasy avy any amin'ibni Zyad, ilay governoran'i Koufat.
Avy tamin'i komandà Oubaydoullah ibni Zyad ho an'i Hour : « rehefa voarainao ity taratasiko ity, ankasaroty ny raharahan'i Houssein, ka mijanona amin'ny toerana izay karakaina sy tsy ahitana rano ianareo. »
Tsy maintsy mijanona eto isika, izany no toromarika azo avy tamin'i Oubaydollah ibni Zyad.
Loza ho anao ry Hour ! eto anie ka tany karakaina. Tsy hahazaka ny hain-tany eto ireo zaza amam-behivavy ireo. Ka aoka isika hivantana amin'ilay Tanàna kely etsy anilany etsy ery.
O ry zafin'i Mpaminany !, tsy afaka manao izany aho. Aoka ianao mba hahatsapa ny toerako. Ilay mpitondra hafatr'ilay lehibe dia manaramaso ahy, ny amin'ny fanatanterahako antsakany sy an-davany an'ilay toromarika sa tsia.


Zohayr, iray amin'ireo mpanaradia mahafatra-po an'imamo no nangataka taminy mba hiady amin'ireo miaramilan'i Hour, nolavin'imamo anefa izany.
Tsy tiako ho izaho no hanomboka ny ady voalohany.
Ô ry zafin'i Mpaminany !, avelao izahay hiady amin'izy ireo izao dia izao, satria rehefa avy eo dia hiampy indray izy ireo, ka amin'izay fotoana izay ho sarotra amintsika ny handresy azy ireo.
Dia nanontany ny anaran'ilay toerana karakaina amin'izay tena mahalala tsara an'i Koufat amin'ireo mpanaradia azy Imamo Houssein.
Inona kay no anaran'ity toerana ity ?
**I Neynawa** no anarany ry Aba Abdillah !
**I Gazeryyah** ihany koa no fiantsoana azy ry Zafin'ny Mpaminany !
Manao azafady aminao ry Imamo, **Karbala** ihany koa no fiantsoana azy ity.
Andriamanitro ô !, mangataka fiarovana aminao aho amin'ny Karb (alahelo) sy ny Bala (fahoriana sy loza). Midina ianareo. Tena eto tokoa ilay toerana nifanomezana ho antsika. (ilay toerana hahafate-santsika).






ASHOURA.indd 36 24/09/2020 09:05:04






ASHOURA.indd 37 24/09/2020 09:05:15







ASHOURA.indd 38 24/09/2020 09:05:26






ASHOURA.indd 39 24/09/2020 09:05:39








ASHOURA.indd 40 24/09/2020 09:05:53






ASHOURA.indd 41 24/09/2020 09:06:06









ASHOURA.indd 42 24/09/2020 09:06:16


Talohan'ny hanombohan' ilay ady, dia niakatra teny ambonin'ilay ramevany Imamo Houssein (as) ary niteny tamin'ireo vahoakan'i Koufat hoe :
O ry vahoaka !, mandiniha tsara sy jereo tsara hoe : iza aho ? Moa ve tsy izaho ilay zanaky ny zanakavavin'ilay Mpaminaninareo ?, moa va ilay Mpaminany masina tsy nilaza fa izaho sy ilay rahalahiko dia lehiben'ireo tanora ao amin'ny paradisa ?
Izahay tsy mba mahalala izay nolazainao.
Tsy mahalala izany ianareo satria efa nohidian'i Tompo Allah ny fonareo.






ASHOURA.indd 44 24/09/2020 09:06:32











ASHOURA.indd 45 24/09/2020 09:06:41







ASHOURA.indd 46 24/09/2020 09:06:51


Rehefa avy teo, dia nanomboka ihany ny ady izay hifanandrinan'olondroa. ireo mpanaradian'Imamo dia nandresy ny fahavalony rehetra.
O ireto gaigilahy ireto ! moa va mba hainareo amin'iza ianareo no miady ?, hiady amin'ilay mahery fo izay vonona ny hamoy ny ainy ho faty. Aoka ianareo tsy hiady tsirairay.



Nanafika fanindroany an'ilay miaramilan'Imamo ireo tafik'i Koufat. Ankerim-po no niadian'ireo miaramilan'Imamo, nefa lavo maritiora tamin'izany i Mouslim ibni Aousajah, ilay rangahy antitra sy marina.
O ry Mouslim !, ny famindram-pon'i Tompo Allah anie ho aminao.






ASHOURA.indd 48 24/09/2020 09:07:10



Tapitra maty maritiora avokoa ireo mpanaradia an'Imamo, ka dia niomana ny hiady ihany koa ireo fianakaviany. i Ali Akbar, izay tena nitovy be tamin'ny Mpaminany (sw) no voalohany nangataka alalana tamin-drainy mba hiady, sy nandeha namonjy ny sahan'ady .
O ry Tompo Allah !, aoka ianao ho vavolombelon' ireo olona izay hiady amin'ilay tena mitovy tsy misy valaka amin'ny Mpaminany (sw) !
Izaho dia i Ali, zanak'Imamo Houssein ibni Ali (as), mba ifantako amin'ilay trano masina Ka'aba fa izahay no tena akaiky an'ilay Mpaminany masina kokoa. Izahay tsy mba hietry velively eo ambanin'ny fanaovana tsinontsinona. Hiaro andraiko amin'ny ady aho, ary amin'ny alalan'ity sabatrako ity no hanehoako izany.







ASHOURA.indd 50 24/09/2020 09:07:30



Taorian'i Ali Akbar, ireo andiam-pianakavian'Imamo hafa tahaka an'i Qassim ibni Al-Hassan, sy ireo zanak'i Mouslim ibni Aqil, ary ireo zanak'i Zainab (as) roa, ary torak'izany ihany koa ireo rahalahin'Imamo Houssein (as), dia samy lavo maritiora avokoa.







ASHOURA.indd 52 24/09/2020 09:07:48






ASHOURA.indd 53 24/09/2020 09:08:01










ASHOURA.indd 54 24/09/2020 09:08:17






ASHOURA.indd 55 24/09/2020 09:08:32






ASHOURA.indd 56 24/09/2020 09:08:43






ASHOURA.indd 57 24/09/2020 09:08:53









ASHOURA.indd 58 24/09/2020 09:09:05







ASHOURA.indd 59 24/09/2020 09:09:11



Nefa mbola nanohy niady ihany ny Imamo, ary tena niady tamin'ny heriny rehetra, hany ka tsy nisy nahazaka an'ireo kapoka izay nataony na iray aza.
Loza ho anareo !, moa va tsy fantatrareo amin'iza ianareo no miady ?, amin'ilay matanjaka indrindra amin'ireo foko Arabo. Tifironareo amin'ny zanatsipika amin'ny lafiny rehetra izy.







ASHOURA.indd 61 24/09/2020 09:09:26










ASHOURA.indd 62 24/09/2020 09:09:32


Nanomboka nitomany ireo zaza amam-behivavy teo ampahitana an'i Zoul Janah, ilay soavalin'Imamo, tsy miaraka aminy ilay mpitaingina azy.


Vao maty maritiora Imamo, dia notafihin'ireo fahavalo ireo trano lay, no sady nodoroan'izy ireo.


Rehefa avy teo, dia nosamborin'izy ireo ireo zaza amam-behivavy, ary nentin'izy ireo niaraka tamin'izy ireo.






ASHOURA.indd 64 24/09/2020 09:09:49